## 1 euro : 5.000 Ar 2
### Mbola maneho ny tsy fahaiza-mitondran-dry Rajoelina

## Sekoly manarapenitra 3
### Mitondra fanavahana amin'ny zaza samy Malagasy


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Alakamisy 20 jolay 2023 Laharana 1455 Vidiny : 600 Ar


Harena an-kibon'ny tany Alaotra Mangoro 2


## Tsy hanaiky ny famonjana ny talem-paritra ny Grand Sud-Est

**Laza adina Histo-Geo** 6

# Nisavoritaka tanteraka ny fanadinana bacc omaly hariva





**Miala Rajoelina** 3

# Manome leson-dratsy hatrizay mikolokolo ny anjakan'ny tsy rariny

# J - 51

**Rajoelina Frantsay** 2

# Mendrika sazy mafy ny famadihan-tanindrazana goavana nataony hoy ny RMDM



**Fanatsarana ny zotram-pifidianana** 3

# Nanolotra volavolan-dalàna ny antoko Arema



**Radio Feon'Imerina 25 taona** 6

## Ivon'ny fankalazana ny alahady izao etsy amin'ny CC Esca

**Tranombarotra Baolai** 7

## Masoivohon'ny Toshiba eto Madagasikara koa

**Daka kely**

Tokony hiverina 7ème ialahy ry Boaikely hibôsy momba an-dRalaimongo a !

RAJOELINA FRANTSAY

# Mendrika sazy mafy ny famadihan-tanindrazana goavana nataony hoy ny RMDM

Manoloana ny valandresaka nataon'ny filoha Andry Rajoelina ho an'ny vahoaka Malagasy ny alahady alina lasa teo, betsaka ny fanehoankevitra nataon'ny mpanao politika sy ny olom-pirenena , ka anisan'izany ny Rodoben'ny mpanohitra ho an'ny demokrasia eto Madagasikara : ny RMDM izay nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM, Bel'Air omaly . Nanambara ny filoha lefitry ny TIM faritany Fianarantsoa Tabera Randriamanantsoa, fa nasehon'i Andry Rajoelina fa tsy Malagasy izy fa vazaha. Tsy vitan'izany fa mbola manambany ny Malagasy, fa hoe 50 km an'Antananarivo fotsiny no miasa loha amin' izany resaka zompirenena hafa izany , nefa ny Malagasy iray manontolo dia efa mahafantatra izany avokoa fa vazaha Rajoelina . Ny mampalahelo dia notononiny ireo ray amandreny nitolona tamin'ny 1947 Ravoahangy , Raseta , Rabemananjara ary Ralaimongo fa hoe nangataka tamin'ny vazaha ho frantsay hono izy ireo . Fanambaniana ireo ray amandreny mpitolona izany. Hita koa i Andry Rajoelina fa mampiseho ny maha mpitondra didy jadona azy, satria teo daholo ireo mpitandro filaminana jeneraly . Ratsiraka aza hoy i Tabera Randriamanantsoa na miaramila aza tsy nanao izany rehefa niresaka tamin'ny mpanao gazety . Tsy toetsaina Malagasy izany fa avy any ivelany . Nantsoina indray ny mpanjaka . Ny Ampanjaka dia azy daholo ny vahoaka Malagasy , ireny moa dia nalaina teto Antananarivo fa tsy avy amin'ny fokony . Vazaha ihany izy amin'io satria mampizarazara ny Malagasy . Rakotoamboa Jean Louis mpikambana ao amin'ny RMDM indray dia nanambara mazava, fa tsy mitombona ny fanambaràna nataon'i Andry Rajoelina, fa noho ny fianaran'ny zanany no antony nangatahany zom-pirenena Frantsay . Fomban'ny ray amandreny no mangataka visa de long sejour ary manome caution hiantohana ny zanany any raha toa ka hianatra any andafy , koa naninona izy no tsy nanao izany ? Koa maninona ihany koa hoy Rakotoamboa Jean Louis no tsy ny zanany irery no nangatahany io zompirenena Frantsay io satria izy mbola nihevitra ny hilatsaka sy ho fidiana ho filohampirenena ? Fantatr'i Andry Rajoelina tsara ny lalàna eto Madagasikara, fa tsy mahazo milatsaka raha tsy manana ny zompirenena Malagasy . Ka rehefa mangataka zompirenena hafa dia miala ny maha Malagasy anao araka ny lalàna ao amin'ny article 42 . Tsy mitombona ny resak'i Andry Rajoelina, fa matahotra izy tamin'ny zavatra nataony tamin'ny tetezamita, satria nanjaka ny trafikana bois de rose tamin'izany ary navela hibanaka . Nanamora ny fanondranana bolabola izy tamin'ireny fotoana ireny, satria nanana fahefana feno izy tamin'izany hisakana raha tena niady tamin'ny fanondranana ireny harempirenena ireny ny tenany . Ny senatera teo aloha Jafetra indray dia nanambara mazava, fa hita taratra tamin'ny famalian'i Andry Rajoelina ny mpanao gazety dia nametrampanontaniana hoe : hatraiza ny fahaizana sy ny atao hoe lenta itondràna ny firenena ankehitriny ? Raha teo amin'ilay forme fotsiny dia amin'ireny olona manatrika ireny izay tonga hitehaka fotsiny dia nisy ny natao hampitahotra fotsiny toy ireo manambonina-hitra jeneraly. Ireny dia mariky ny tsy fahatokisan-tena , ary rehefa izay dia hita taratra eo hoe hatraiza ny fara-fahaizany hitantanany ny firenena . Manoloana izany dia tokony handini-tena isika Malagasy, fa raha ohatra izao dia tsy lasa lavitra. Eo ny fitenenany fa diso ny tatitra amin'ny tambazotran-tserasera, ny mpitondra efa zatra kaonty Fako dia lasa tsy mahatoky ny zavatra marina intsony . Efa voa fanindroany isika izao, ka fanontaniana no hapetraka hoe mbola ho voa fanintelony ve isika raha mpitondra ohatra izao no mbola hipetraka eo ? Fotoana izao ho an'ny rehetra handinihantena. Ny marina tsy mba maty hoy ny filoha lefitry ny RMDM Faritany Toliara, Pasitera Edouard Tsarahame, na afenina toy inona aza. Misy olona miezaka hanafina ny marina fa izao dia mazava fa tsy maintsy mipoitra ny marina . Noho izany , miantso ny RMDM manerana an'i Madagasikara, satria efa mihàtra eto Madagasikara ny zavatra tsy tian'ny Malagasy, izany hoe : entin'ny Frantsay amin'izao fotoana izao . Miantso ny Malagasy sy ireo mpitandro filaminana tsy natao hitehaka ihany koa . Tsy misy lalàna 1 cm na 2 cm fa rehefa lalàna dia lalàna . Raha tsy andray andraikitra ianareo dia hijoro ny vahoaka Malagasy . Miantso ny mpanao politika eto amin'ny firenena. Andao hiray fo sy hiray hevitra satria tanindrazana iombonana i Madagasikara. Miantso ny mpiasa rehetra, fa ianareo no nanankinan'ity firenena ity ny ho aviny . Sahia mijoro fa efa vazaha izao no mitondra antsika . Fanambaniana ireo razana nanao vy very ny ainy raha vazaha no mitondra ny firenena . Koa hanokana fotoana iray isika tsy ho ela, hoentina hanoherana ny fanjanahantany eto amin'ny firenena.




*Ireo avy amin'ny RMDM nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly tao Bel'Air.*

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

1 euro : 5.000 Ar

### Mbola maneho ny tsy fahaiza-mitondran-dry Rajoelina

Tantsaha vitsivitsy avy niasa tany Ambatomanoina Anjozorobe sy mponina avy any Talata Volonondry, no tafaresaka tamin'ny mpanao gazety momba ny sandam-bola malagasy raha oharina amin'ny vola Euro sy dollar. Gaga sy talanjona ry zareo nahare fa mahatratra 5000Ar eo ny euro iray amin'izao volana jolay 2023 izao.
Tsorina hoy izy ireo, fa tamin'ny vanim-potoana nitondran'ny filoha Marc Ravalomanana, mbola latsaky ny 3000 Ar izany sanda izany, ka mbola nahafa-po tokoa raha oharina amin'ireo vidin-javatra fampiasa eny an-tanimbary sy any am-bala ary mbola azo antoka ny vidin'entana ilaina andavanandro, ny vary 1600 Ar ny kilao, ny menaka 2800 Ar ny tavoahangy, ny atody mbola 300 Ar ny iray ohatra, ary ny fitaovana vaventy dia tsy olana mihitsy tamin'izany. Mbola heno koa tamin'ny fihaonan-dRajoelina tamin'ny mpanao gazety farany teo, fa raha tsy izy hono no teo, dia efa tafakatra iray alina ariary mihitsy io sanda io, nefa dia ny tsy fahaizan'izy ireo mitantana ny ara-bola sy ny ara-barotra mihitsy no mahatonga izany.
Mazava fa tsy fahaiza-mitondra ny firenena mihitsy, ireny valinten-dRajoelina ireny, satria tsy hainy ny misoroka izany fisondrotam-bidy izany, fa dia valinteny fiarovan-tseza fotsiny hatrany no nataony, ary ireo tehaka sy dera azony manoloana ireo izay nasaina dia fanehoana ny maha mpisolelaka fotsiny ihany koa sao very seza koa rahatoa ka tsy lany eo Rajoelina amin'ny fifidianana na mitsingidina. Tsorina hoy ireo tantsaha, fa mbola hafa ny tamin'ny andron-dRavalomanana, satria ny biby fiompy na ny rononon'omby fotsiny aza miampy ireo zava-maniry samihafa dia tena mahavelona tsara tokoa, ny vary rahateo tsy afarana, fa ny vokatra eto ihany dia ampy, fa taty aoriana dia lasa fanaovana fanentanana, fampielezan-kevitra na propagandy indray, atao fanampenam-bava sy tampimaso ny vahoaka sahirana koa. Raha fintinina dia tsy hitan-dRajoelina ary tsy fantany mihitsy izay laharam-pahamehana amin'ny vahoaka, fa dia ny mahavazaha tapany azy hatrany no aderadera. Maha-vazaha taratasy azy izay tokony hahavoasazy azy, satria famitaham-bahoaka, sy famadihan-tanindrazana goavana ny finiavana naka zom-pirenena Frantsay nefa nirotsaka ho filohampirenena.

***Beharo***

Harena an-kibon'ny tany Alaotra Mangoro

# Tsy hanaiky ny famonjana ny talem-paritra ny Grand Sud-Est

Tojo olana noho ny fanatanterahana ny asany ny Tale Rezionalin'ny Harena ankibon'ny tany, notendrena sy namita ny asany araka ny tokony ho izy tao amin'ny Faritra Alaotra Mangoro, rehefa avy niasa tamin'izany andraikitra izany tsy nananany olana tany amin'ny faritra ANÔSY. Nilamina tsara ny tany Fort-Dauphin raha itondrany ny mafy kosa ny tany Alaotra Mangoro. Baiko avy any ambony nandritra ireny fotoana nisian'ny firongatry ny aretina COVID 19 ireny ny taona 2020 ka hatramin'ny 2021. Marihina fa baiko am-bava nataon'ny Minisitra tamin' izany fotoana izany ny hoe : "Ny vato rehetra izay miala any amin'ny faritra Alaotra Mangoro dia, tokony handoavan'ny mpandraharaha 15 ariary isaky ny kilao, isan'izay manao fangatahana fahazoan-dàlana (laissez-passer)"... Voakasik'izany avokoa ny sampan-draharahan'ny Harena ankibon'ny tany manerana an'i Madagasikara.
Nananan'ity Tale ity olana anefa ny fanatanterahana izany, satria izy indray no nolazaina fa nanodinkodim-bola. Tamin'ireny fotoan'ny COVID 19 ireny mantsy dia nazava ny fepetra noraisin'ny fitondram-panjakana ny tsy tokony hisian'ny fivezivezen'ny olona, fa ny entana ihany no tokony nandeha. Tsy nataon'ny Talem-paritra tany an-toerana ho olana anefa izany, satria ny asa tsy maintsy mandeha ary ny kitapom-bolam-panjakana tsy maintsy fenoina. Hany ka nifanarahana tamin'ny mpandraharaha fa nalefa tamin'ny "Mvola" ny fanefana izany tamberim-bidy tokony hiditra amin'ny fanjakana sy ny vola 15 ariary alaina isaky ny kilao izany. Marihina fa manana fidiram-bola hafa ity Tale ity, ka nifangaro tao amin'ny kaontiny ny "volam-panjakana". Io "volampanjakana" io anefa tsy hoe nampiasainy tamin' izay filàny manokana, na nampiasaina tamin-javatra hafa, fa narotsaka tany amin'ny kitapom-bolampanjakana, izay ananana porofo avokoa.



*Georgeal, Talem-paritry ny harena an-kibon'ny tany sy ny harena stratejika, tany Alaotra Mangoro teo aloha.*

**Mamofompofona raharaha politika**

Nijoro tamin'iny herinandro lasa iny ireo Ray aman-dReny avy any Toamasina sy ny "Grand Sud Est". Nanazava ny fahitan'izy ireo izao zavamanjo ny zanany izao. Izay efa naiditra am-ponja dimy volana izay. Nambaran'izy ireo fa tsy rariny ny manjo an'io Talen'ny Harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika tany Alaotra Mangoro io. Toa manao randran-tarihana tamin'ny zanaky ny Grand Sud Est toy ny Tale Jeneraly mpisolo toerana tao amin'ny CNaPS. Koa tsy manaiky izy ireo ny amin'ny fanaovana antsojay sy ny fampanjakana ny tsy rariny. Satria amin'izy ireo dia nanao ny asany araka ny tokony ho izy io Tale io, nanaraka antsakany sy andavany ny baikon'ny lehibe kanefa izy manao ny marina indray izao naiditra am-ponja izao. Raha ny fanadihadiana nataonay mpanao gazety dia tena nahomby tamn'ny fitantanana ity Tale ity tao amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Fantatry ny fiaraha-monina tamin'ny fanaovana adidy hatrany am-piangonana izy mivady.
Fantatra ihany koa fa misy Olona mankahala an'io Talem-paritra io tamin'ireo mpiara-miasa aminy tany Alaotra Mangoro. Nisy sahy namoaka vava mihitsy hoe : "Tapahako ny tendako raha tsy miova io Tale io" sy ny hoe : "Izahay tsy manaiky ho baikoin'io Tale io", toe-tsaina manavakavaka niainana tao amin'izany biraon'ny Harena ankibon'ny Tany sy loharanon-karena stratejika izany. Izany hoe : tezitra ny sasany fa voasembatsembana tamin'ny fihinanana teo aloha, nialohan'ny nahatongavan' io Tale nampidirina amponja io.

***Lalasoa Razafindrakoto***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# Manome leson-dratsy hatrizay, mikolokolo ny anjakan'ny tsy rariny

Miha-manatona ihany ny fotoana tokony hialan'ny filoha Andry Rajoelina eo amin'ny fitondrana raha mirotsaka hofidiana izy, 51 andro sisa, na J- 51. Ao anatin'izany, mitady hanakontakona indray ny marina mila mipoitra tanteraka ho fantatry ny vahoaka malagasy ny fitondrana Rajoelina sy ireo mpomba azy toy ny IRD. Adihevitra tanteraka efa ho iray volana mahery izao sy mbola hitohy ny momba ny fizakan'i Andry Rajoelina ny zom-pirenena frantsay nanomboka ny 2014. Tsotra sy mazava fa nisy ny famitaham-bahoaka nataony tamin'ny taona 2018 no mankaty. Tsy nampahafantarina ny vahoaka Malagasy, fa ny Malagasy izany tsy hifidy vazaha hitondra azy. Tsy hanome fahefana ny olona saribakolin'ny frantsay ny vahoaka malagasy na dia anaovana teny mampandry adrisa sy fampanantenana samihafa aza. Mbola saiky ny Malagasy rehetra, ankoatra ireo vitsivitsy efa nandadilady te ho vazaha frantsay, no manome hasina tanteraka sy manàja fatratra ny rà nalatsak'ireo tia tanindrazana malagasy sy namoy ny ainy hiady amin'i Frantsa mpanjanatany sy hanilika ny fanjanahantany teto Madagasikara. Ireo maro an'isa ireo dia tsy manaiky velively ny hisian'ny mpitondra, indrindra fa filohan'ny Repoblika, mizaka ny zom-pirenena frantsay, fa famadihan-tanindrazana tanteraka tsotra izao izany. Mazava loatra, fa famadiahana tanindrazana tsotra izao ny nataon'i Andry Rajoelina "haute trahison". Mitaky sazy henjana ho azy izany, fa tsy vitan'ny resaka sy adihevitra fotsiny ka aririnra toy ny ataon'izy ireo. I Andry Rajoelina aza sahy niteny mihitsy, rehefa avy nandrirarira resaka tamin'ny mpanao gazety ny alahady teo, fa tokony hifarana eo izany resaka izany. Tsy azon'ny sain'ny olom-pirenena saro-piaro amin'ny taniny ekena izany. Raha izany no heveriny, dia kolokoloin'izao fitondrana Rajoelina izao sy ireo mpomba azy hatrany ny anjakan'ny tsy rariny, ny tsy hitsiny, ny tsy fahamarinana eto Madagasikara. Fositra ho an'ny firenena izany ary mampidanadana ny varavarana hizorana hatrany hankany amin'ny tsy firaisankina sy ny tsy fandrosoan'ny firenena toy izao. Haka ohatra iray miharihary amin'izany mitaha amin'izao tranga momba an'i Andry Rajoelina izao. Ny tranga momba an'ilay mpiasa tao amin'ny minisiteran'ny fahasalamana, ka namoaka ny zava-misy amin'ny tsy fahamarinana tamin'ny fitantanana tao. Niakatra fitsarana izy momba izany ary tsy namelana raha tsy voasazy, satria nambara fa nanàla baraka ny fanjakana. Fahamarinana anefa no navoakan'io mpiasa io, fa nosaziana izy. Mainka fa ny fitaka ataon'i Andry Rajoelina amin'ny vahoaka malagasy izao? Tsy tokony ho vitavita ho azy izany, fa hanome lesona ratsy dia ratsy ho an'ny tanora malagasy lazaina fa hoavin'ity firenena ity sy ny taranaka any aoriana. Ny leson-dratsy nomeny hatramin'izay aza, raha tsy misy fepetra raisin'ny olompirenena, ahiana tanteraka hitsaran'ny taranaka any aoriana ny Malagasy rehetra miaina amin'izao fotoana izao.

***Sôh'son***

**FANATSARANA NY ZOTRAM-PIFIDIANANA**

# Nanolotra volavolan-dalàna ny antoko Arema



8 jolay no niala nihazo ny faritra Menabe ireo delegasionan'ny Antoko Arema hanohy ny fitetezamparitra izay ataony . Nifanakalo hevitra tamin'ireo mpikatroka tao Mahabo , sy nanao fanentanana tany Tsiribihina ary Morondava . Ny faha 18 jolay no namaranana ny dia tao Ambatolampy. Toy ny efa mahazatra ny antoko Arema dia manatanteraka ilay fiteny hoe « izay mahavangivangy hono tiankavana » ireo mpitarika ny Antoko.

Tao anatin'ny 2 taoana dia nanatanteraka fitsidihana distrika ny Antoko, izay tarihan'ny Sekretera nasionaly (SN) Anick Ratsiraka. Efa distrika 90 izao no vita ary nilaza Ramatoa SN, fa tsy maintsy ho vitaina avoakoa izany.

Ankoatra izay dia nanolotra ny volavonan-dalampifidianana teny amin'ny Antanimierampirenena ny antoko Arema. Ho fanatsarana ny zotram-pifidianana no tanjona, hoy ny sekretera nasionalin'ny antoko. Fandaminana ihany koa, fa tsy fanemorana ny fifidianana akory no tanjona. Ho atao manara-penitra ny fifidianana ary hanaraka ny toetry ny andro ihany koa amin'ny fampiasana ny klrapanondro Biometrika sy ny machine à voter. Azo atao tsara ny manatanteraka izany fanatsarana izany ao anatin'ny fotoana fohy araka ny fanazavana nomen'ireo teknisiana miaramiasa amin'ny antoko.
Momban'ny petra-bola na caution ho 200 tapitrisa Ar indray dia nilaza ny antoko Arema, fa toa lasa natao hoan'ny manambola ny fifidianana eto Madagasikara matoa natao midangana tahaka izao ny petrabola ho firotsahan-kofidiana. Raha izay anefa no heverin'ny mpitondra fa mety dia tsy mametraka olana amin' izany ny Antoko.

Tonjona apetraka amin'izao hoy ny sekretera nasionalin'ny Arema ny hanatanteraka ny hafatra nomen'ny filoha Ratsiraka tamin'ny fifidianana 2002. « Masina sy miavaka amin'ny firenena rehetra ity Nosy ity, koa andeha ary isika hiaraka hifarimbona amin'ny fampandroasoana azy tsy misy tomika. Mba hahatonga azy ho reharehantsiaka , ka ho irian'ny hafa fa tsy haniry ny hafa intsony ». Vitantsiaka izany hoy ny SN, ka iantsoaany herivelona rehetra.

***Helisoa***

Jubain François Andrianambiny

# Mitondra fanavakavahana amin'ny samy zaza Malagasy ny sekoly manarapenitra



***Olon-tsotra, mpanaraka raharaham-pirenena : Jubain François Andrianambiny.***

Mitondra fanehoan-kevitra momba ny raharaham-pirenena ny olontsotra, mpanaraka politika Jubain François Andrianambiny :"MEDITATION : maresaka eto Madagasikara ny hoe MANARAPENITRA. Ao ny Hopitaly MANARAPENITRA, ao koa ny Sekoly MANARAPENITRA. Manarapenitra toy izany koa ve ny MPITSABO sy MPAMPIANATRA miasa amin' ireny toerana ireny?
Inona ary ny mampiavaka ny mpitsabo miasa amin' ireny hopitaly MANARAPENITRA ireny sy izay miasa amin'ny hopitaly TSY MANARAPENITRA? Nefa mitovy samy GENERALISTE, SPECIALISTE ary samy PARAMED daholo.
Inona ny mampiavaka ny mpianatra mianatra amin' ireny Sekoly manarapenitra ireny sy izay mianatra amin'ny sekoly TSY MANARAPENITRA? Nefa mitovy daholo ny mari-pahaizana ananana sy ny fiofanana (formation) nataon' ireo mpampianatra azy ireo. Izany hoe iray ihany ny formation anofanana ny mpampianatra rehetra eto Madagasikara.
Raha oharina amin'ny isan'ny sekoly rehetra manerana an'i Madagasikara anefa dia manodidina ny 1% ihany ny Manarapenitra.
Hitako fa fanavakavahana ny zanaka Malagasy izany, satria 1% ny zaza Malagasy ihany no afaka horaisina ao amin'ireo sekoly MANARAPENITRA ireo, fa ny sisa ambiny mijanona any amin'izay tsy manarapenitra. Ho aiza ary ireo 99% izay tsy voaray ao amin'ny manarapenitra? Sa ireo 1% ireo ihany ve no zanaka Malagasy ilaina amin'ny hoavin'ny firenena? Ahitsio zaho koa diso.''

***Nangonin'i Stefa***

## TONONKALO

## ILAY FILOHA TSY GASY INTSONY

Filoha tsy gasy intsony ve no mbola sahy mampanantena
Fa hiverina amintsika iretsy nosy manodidina ?
Asa ianao raha mbola hino ny laoranjy ho lasa mena,
Raha tsy hoe dia efa vendrana na koa efa sain'angidina !

Filoha tsy gasy intsony ve no mbola sahy mampanantena
Fa hoe herinandro telo i Jiramaty dia hifarana ?
Andao hiarahana mitazana raha ny maina ho lasa lena
Raha ny haizina hazava , ho tapitra ny fangalarana !

Filoha tsy gasy intsony ve no mbola sahy mampanantena
Fa ho firenena sangany Madagasikarantsika ?
Asa ianao raha mbola ho babony amin'ny lainga sy hafetsena
Fa hatreto isika aloha dia rambony amin'i Afrika !

...Izahay tsy mino intsony ity miseho mbola hampievina
Ireo maty aroa am-pasana efa ho dimy taona izao,
Fa rediredy ny toy izany raha ny hoe efa nalevina
No hatsangany indray ho amin'ny fiainam-baovao !

Tsy zanak'Andriamanitra io fa tena sefon'ny mpandainga
Ka dia mendrika haato fa mpitondra tsy mahay .
Ny lamasininy , jereo fa efa maty sy tsy miainga
Sady izy rahateo tsy gasy intsony toa anay !

***IRINA HO TAFITA (18-07-23)***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe Michel

**Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena tetsy Bel'Air ny RMDM, indrindra ny momba ny maha-Frantsay ny filoha Andry Rajoelina.**













**Ny fitsidihana nataon'ny mpitarika ny antoko AREMA tany amin'ny faritra Menabe.**











## NY TENY FIAINANA

*"Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, dia Abrahama sy Isaka ary Isiraely, mba ampahareto ao am-pon'ny olonao mandrakizay izany fikasan'ny sainy izany, ka ampiomany ho Anao ny fony."*
***I Tantara 29:18***

LIGUE DES CHAMPIONS AFRICAINS DE FOOTBALL

# Tsy handray anjara amin'ny fifaninana i Madagasikara

Nambaran'ny FMF tamin'ny fampitambaovao natao tao anatin'ny pejy tambazotrany, fa tsy hanana solontena amin'ny fifaninana afrikana "Ligue des Champions africaines 2023/2024" i Madagasikara, noho ireo ekipa tokony hisolotena antsika Malagasy amin'izany fifaninanana izany dia ny Fosa Juniors Boeny (Champion) sy ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro (Vice Champion), tamin' ny fifaninanana Orange Pro-League 2022/2023, noho ny fandaminana anatiny ao amin'ny klioban'izy ireo. Raha ny marina dia nilavo lefona tsy niady ny Fosa sy Fanalamanga raha tokony ho tamin'ny alatsinainy 10 jolay 2023 teo no daty farany fanaovana fisoratana anarana any amin'ny CAF handraisana anjara amin' io fifaninanana io. Ho an' ny fifaninanana "Coupe de la Confédération 2023/



*As Fanalamanga sy Fosa Juniors.*

2024" kosa dia notendren' ny FMF hisolotena an'i Madagasikara amin'izany ny ekipan'ny Elgeco Plus noho izy nisolotena antsika tamin'ny taona lasa, satria tsy mbola vita fa eo andalam-panatanterahana ny "Telma Coupe de Madagascar 2023" tokony hanendrena an'izany. Hisy fanovana fitsipika mifehy an'ity fifaninanana ity, mba hahazoan'izay mivoaka ho mpandresy hahafahany hisolotena an'i Madagasikara amin'ny "Coupe de Confédération Africaine 2024/2025", ka fantatra fa amin'ny volana septambra ho avy izao vao hitohy ny fifaninanana noho ny fiatrehana ny lalaon'ny Nosy 2023 ary amin'ny volana aogositra 2023 no hanaovana ny antsapaka amin'izany. Ho an'ny fifaninanana "Ligue des Champions Malagasy 2023/2024 » kosa, nambaran'ny FMF ao amin'ity pejy tambazotrany ity, fa ho tanterahina any Antsiranana sy Ambatondrazaka ary any Tsiroanomandidy sy any Tolira ny dingana voalohany « Première Phase » amin'ny fifaninanana amin'ny 04 ka hatramin'ny 13 aogositra 2023 ho avy izao ary any Mahajanga sy Toamasina kosa no hanatanterahana ny dingana faharoa « deuxième phase », amin' ny 08 ka hatramin'ny 17 septambra 2023 ihany. Farany ny "Poule des as" dia ho tanterahina amin' ny volana oktobra 2023 any amin'ny toerana mbola ho faritana manaraka. Ny fifaninanana "Championnat National de Football Féminin Malagasy" kosa dia ho tanterahina amin'ny volana septambra ho avy izao ary ahitana dingana telo tahaka ny "Championnat" hoan' ny lehilahy ihany koa.

***Rainilita***

Fifaninanana nasionaly Volley-ball

# Novana ireo daty hanaovana ny sasantsasany

Satria naroson'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ho amin'ny 01 septambra 2023 ny daty fidiran'ny mpianatra, amin'ny taom-pianarana 2023-2024 dia voatery naroson'ny FMVB « Fédération Malagasy de Volleyball »ihany koa, ireo daty sasantsasany hanatanterahana an'ireo fifaninanana nasionaly 2023 samihafa efa nofaritan'izy ireo mialoha, indrindra hoan'ny sokajy tanora toy ny fiadiana ny « Coupe de Madagascar jeune U 16 et U 21 », izay voafaritra ho tanterahina amin'ny 11 ka hatramin'ny 19 septambre 2023 nefa voatery hahemotra amin'ny 21 ka hatramin'ny 29 aogositra 2023 eto Antananarivo. Ny fiadiana ny ho tom-



*Mpanao volley tanora Malagasy.*

pondakan'i Madagasikara sokajy Diviziona faha-2 sy sokajy « vétérans » dia voakasin'izany fanovana izany ihany koa, ka raha tokony ho nanomboka tamin'ny volana mey teo izany dia nahemotra ho amin'ny 4 ka hatramin'ny 11 septambra any Antsirabe. Ny fifaninanana nasionaly sokajy diviziona 1 kosa dia ho tanterahina eto Antananarivo amin'ny faha-18 ka hatramin'ny faha-26 septambra 2023. Etsy ankilan'izany dia tsy hisy fiovana kosa ny fanatanterahana ny « Coupe de Madagascar U 23 et Loisirs mixtes », fa hotazonina amin'ny 30 oktobra ka hatramin'ny 7 novambra 2023 any Fianarantsoa. Mikasika ny fifaninanana «Beach-volley » indray dia ho tanterahina any Mahajanga amin'ny faha-23 ka hatramin'ny faha-25 jolay 2023 ny «Deuxième circuit du Championnat de Madagascar 2023 » ary ho tanterahina amin'ny faha-18 ka hatramin'ny faha-20 desambra 2023 kosa ny « Troisième circuit » amin'ny «Championnat de Madagascar 2023 » io.

***Rainilita***

Lalao'ny Nosy 2023

# Fantatra ireo pejy ofisialy mahakasika azy

*Sary famantarana ny Lalaon' ny Nosy andiany faha11.*

Fantatra ankehitriny ireo pejy ofisialy mahakasika ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11, izay hotanterahina eto Madagasikara ny 25 Aogositra ka hatramin'ny 03 Septambra 2023 ho avy izao ary hahafantarana ny pitsompitsony mahakasika ny manontolon'ity fifaninanana ity, ka ny MJS "Ministère de la Jeunesse et des Sports Malagasy" no nanolotra an'izany ho an'ny besinimaro.

Facebook: https://www.facebook.com/profile.php?id=100093340704745...

Twitter: https://twitter.com/Jioi2023?t=Gs8VWu0NcgFpGbqnDMzetg&s=09

Instagram: https://instagram.com/jioi2023.mg?igshid=NGExMmI2YTkyZg==

Tiktok: https://vm.tiktok.com/ZM246duTE/ Siteweb: https://jioi2023.org

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Trondro maina, sy anamalaho ary angivy** natao rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Akondro manta, fanafana amin'ny asthme na ny misohiaka

Akondro manta, fanafana amin'ny asthme na ny misohiaka indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Zavatra ilaina : akondro manta, rano 1/2 litatra.

Fikarakarana azy : voasana ilay akondro dia tetehana rondelle ary ampangotrahana 5 min amin'ny afo malefaka dia ilay ranony iny no sotroina. Manao vaovao isan'andro mandritra ny tapa-bolana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Lohariandava distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Lohariandava distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Lohariandava ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Mpamokatra saribao sy kitay koa ny mponina any, noho ny maha be ala ny any an-toerana. Lalovan'ny lalamby mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina : TCE koa i Lohariandava.



**Laza adina Histo-Geo**

# Nisavoritaka tanteraka ny fanadinana bacc omaly hariva

Azo lazaina ho nisavoritaka tanteraka ny fanadinam-panjakana bakalorea omaly hariva, saika manerana ny Nosy mihitsy, satria tafavoaka mialoha ny laza adina Histo-Géo izay natrehan'ny mpiadina. Noho izay antony izay, naato ny laza adina Histo-Géo io ary nosoloina avy eo. Mbola tsy nisy hatramin' izay ny zavatra toy izany teto Madagasikara raha tsy tamin'izao fitondrana Rajoelina izao. Araka ny nambaran'ny Directeur de l'Enseignement supérieur, dia naato aloha ny fanadinana taranja Histo-Géo ho an'ireo Serie A, C,D manerana ny Nosy, fa miandry ny laza adina fiandry. Nisy nandefa tamin'ny fesiboky ny laza adina tokony ho natrehan' ireo mpiadina.



*Savoritaka nitranga tamin'ny baka tany Antsohihy.*

Tany Antsohihy faritra Sofia, savoritaka tao amin' ny Centre Sevira. Nivoaka ny efitranom-panadinana ireo mpianatra. Voalaza fa nanjavona ny laza adina, nisy kosa nilaza fa efa niparitaka loatra ny laza adina ka tokony ovaina laza adina fiandry ( Sujet 2). « Efa mikorontana ny sainay ka tokony hajanona aloha ny fanadinana », hoy ny horakoraka nataon'ireo mpiadina tamin' izany. Niezaka nitady vahaolana ireo tompon' andraikitra, nanohy fandaminana ny mpitandro filaminana.

Tany Morondava koa, niato ny fanadinana ary tsy nitohy raha tsy tany amin'ny 5 ora hariva, tsy nifarana raha tsy tamin'ny 8 ora alina raha ny vaovao voaray, maro anefa ireo efitrano fanadinana tsy misy jiro, koa dia samy niezaka nitondra jiro : torche ho an'ireo mpiadina ny ray aman-dreny sy ny fianakavian'ny mpiadina.

Voakasik'izay fisavoritahana izay koa ny tany Antsirabe faritra Vakinankaratra.

Taratry ny kitoatoa sy ny tsy fahaiza-manaon'ny fitondrana Rajoelina avokoa izao fisavoritahana amin'ny fanadinana bakalorea izao. Mampanahy ny ho avin'ny mpianatra.

***Ny Valosoa***

Radio Feon'Imerina 25 taona

# Ivon'ny fankalazana ny alahady izao etsy amin'ny CC Esca

Ny 17 jolay 1998 no nandeha voalohany ny Radio Feon'Imerina, tamin'ny Alatsinainy teo no feno 25 taona katroka io onjampeo io, ho fanamarihana izany taombolafotsy izany dia hisy ny fampisehoana lehibe ho tanterahina etsy amin'ny CC Esca Antanimena amin'ny Alahady 23 Jolay 2023 manomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro, ivon'ny taon-jaobily.



*Gothlieb sy Nini, anisan'ny hiara-hankalaza ny faha-25 taonan'ny Radio Feon'Imerina.*

**Harena samihafa**

Ny Radio Feon'Imerina dia manandratra sy miaro ireo soatoavina sy kolontsaina izay mampiavaka ny avy eto Imerina, tanterahina ao anatin'ny fanajana ny fahasamihafana sy ny firaisampirenena izany.

**Fehezantseho hafa mihitsy**

Io no lohateny nofidian'ny Radio Feon'Imerina itondrana ny lanonana, ireo ''Kalon'ny fahiny '' sy ''Hiran'ny omaly '' no hahazo vahana mandritran'io Alahady io, saingy ny fomba hanehoana azy no hiavaka tsy toy ny fahita, satria hisy ireo hira ho tendrena amin'ny piano , fa hahazo laka ihany koa ireo hira harahina valiha sy gitara ary sodina sy angorodao .

**Mpanankanto avy avy amin'ny sokajintaona rehetra**

Eo amin'ny ''Kalon'ny fahiny '' harahina piano dia ho hita ao ny tarika Solika, Gasy Miangola, Angolan'Imerina, ireo harahina valiha sy gitara dia hahitana an'i Trio Donné Andriambaliha , Kolibera sy ny Solofon'ny Ela, Ralanto, ny tarika Tsi- Ahy sady hampiasa piano no harahin'i Zamba sy Bera amin'ny gitara sy valiha ihany koa, eo amin'ny Hiran'ny omaly dia ahitana ireo sokajintaona samihafa, ny efa zokinjokinjokiny dia tsy hanaiky gisitra ry Salomon sy Lizah Raseta, sy J Andriamanantena sy David Andriantsiferana, ireo tanora ahitana an'i Lilie Soa sy Gothlieb , Nini hihira Gaston Andrianony, Nicole Moreno, Faniry Raelison, Andriampaniry, fa ny tombony ho an'ny mpijery dia hilalao sombintseho na ''extraits de scène ''i Haja sy Oly ary Tiana, ireo telo mianadahy nampalaza ny Tropy Jeannette fahiny teo amin'ny teatra ary ny Tarika Odeamson, ireo zafin'i Odeam Rakoto hamelona indray ny kanto navelan'ny dadabeny.

Hanentana ny fampisehoana amin'ny alalan'ny hainteny sy ny tononkalo ireo tanora beazin'ny Radio Feon'Imerina , toa an'i Ndrema sy Raozy ary Cédric sy Fy.

Ireo karazantseho samihafa ireo no nahatonga ny Radio Feon'Imerina nisafidy ny lohateny hoe '' Fehezantseho Hafa Mihintsy '' amin'izao tsingerintaona faha-25 izao.

***Ny Valosoa***

Fivoahan'ny laza adina bakalorea

# Nikorontana tanteraka ihany koa ny mpiadina tao Antsirabe

Tsy afaka niatrika am-pitoniana araka izay tokony ho izy ny taranja tantara sy jeografia ny mpiadina bakalorea, teto anivon'ny faritra Vakinankaratra omaly tolakandro. Anton'izany ny fivoahan'ny laza adina mialohan'ny fotoana. Nisy tamin' ireo ivon-toeram-panadinana no efa nizara ny laza adina saingy voatery nosintomina teny an-tanan'ireo mpiadina izany rehefa nilatsaka ny baiko ny amin'ny hanoloana ny laza adina izay voalaza ho efa hitan'ny sasany amin'ireo mpiadina. Nanomboka nivoaka tsikelikely avy tao amin'ny efitrampanadinana ireo mpiadina, ka niandry ny fotoana nilatsahan' ilay laza adina fiandry sy ny nandikan'ireo mpiambina izany teny amin'ny solaitrabe vao afaka nanomboka. Efa teo anelanelan'ny tamin'ny 3 ora sy tamin'ny efatra ora sy sasany vao afaka nanomboka ity taranja tantara sy jeografia ity araka izany ny ankamaroan'ireo mpiadina teny amin'ireo ivontoerampanadinana maro teto anivon' ny faritra Vakinankaratra.

Ankoatra ny fikorontanana teo amin'ny lafiny ara-potoana izay



***Labozia sy torche, no nampiasain'ny mpiadina maro nanazavana ny efitranom-panadinana.***

niteraka fahasorenana sy tebiteby tamin'ny mpiadina sy ireo ray aman-dreny dia olana hafa mbola nosedraina ihany koa, ny tsy fisiana jiro tany amin'iro efitrano maromaro.

Ny alatsinainy lasa teo no efa nalaza ity resaka fivoahana laza adina ity, saingy io omaly io vao nisy ny fandraisana andraikitra. Mpiasa maro eo anivon'ny Oniversitean'Antsirabe no efa nohadihadian'ny polisy teny anivon'ny toeram-piasany omaly tolakandro. Dia samy miaina fahasorenana sy fanelingelenana avokoa aloha izany na ny mpiadina, na ny ray aman-dreny sy ireo mpanabe mandram-piandry ny valin'ny fanadihadiana.

***Angola Ny Avo***

Mpitantana "Barea Jeux des Iles 2023" sy FMF

# Nihaona tamin'ny Minisiteran' ny Fanatanjahantena tetsy Mahamasina

Ho fanomanana ny Lalaon'ny Nosy 2023 hatao eto amintsika, dia nihaona tamin'ny ministeran'ny fanatanjahantena Malagasy notarihan'ny Ministra ao aminy, tetsy amin'ny efitrano fivorian'ny kianjan'i Mahamasina tamin'ny alatsinainy 17 jolay 2023 ny Federasiona Malagasy Baolina kitra, niaraka tamin'ireo ekipa teknika mandrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy (Barea JIOI 2023 Mada), sy ireo mpanazatra matihanina, nafaran'ny fitondram-panjakana tamin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Voaresaka nandritra izany ny fampivondronana ny Barea izay hatao any Mahajanga ary hisy araka izany ny lalao arapirahalahiana izay hifanandrinana amin'ny ekipan'i Mayotte sy ny ekipan'i Kenya. Nampanantena vokatra tsara sy hitondra avo ny voninahi-pirenena ny mpitantana ny Barea nandritra an'izany fihaonana izany.

***Rainilita***



*Mpitantana ny Barea tetsy Mahamasina.*

Basikety Championnats nationaux U14 lahy sy vavy

# Hiditra amin'ny lalao ampahavalon-dalana ny fifaninanana

Hiditra amin'ny dingan'ny ampahavalon-dalana ny fifaninanana basikety « Championnats nationaux U14 lahy sy vavy», izay tontosaina etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina, taorian'ny fanatanterahana ny andro faha-5 farany amin'ny fifanintsanam-bondrona natao omaly alarobia 19 jolay 2023. Lalao niisa 30 indray no notanterahina tamin'izany teo amin'ireo kianja miisa 6 hanaovana ny hetsika. Toy izao aloha ireo vokatra « homologués » tamin'ny andro faha-4, talata 18 joaly 2023 Sokajy U 14 vehivavy : Lucadro 38 – 31 Alsi, Fandrefiala 25 - 10 Bci 104, Jap Mada 24 - 21 Asut, Gotham 27 – 50 Phoenix, Abbcm 10 – 20 Asbm, Sepa Bongolava 14 - 40 Mb2All, Dunamis 40 – 26 Cbf, Fbc 27 – 24 Crjs, Ats 05 – 23 Jea, Pintade 31 – 33 Sepa Abm, Ast 24 – 21 Ffpro Bctm, Bc Sja 15 – 24 Ebf, Assm 44 – 22 Veb, As Monfort 33 – 09 Fandrasa. Sokajy U 14 lehilahy : Nbe 56 – 37 Veb, Pintade 36 – 43 Ebf, Sac 25 – 41 Ffpro Bctm, Tanora 503 25 – 44 Ascut, Bci 104 37 – 47 Jap Mada, Cbf 26 – 59 Assm, Cosfa 39 - 31 Aslas, Bas 40 – 25 Abbcm, Nbc 20 – 25 Ats, Dtsc 33 – 29 Mfb, Asm 36 – 40 A2bc, Cbu 34 – 37 Jsb, Asa 40 - 30 Sbc, Mb2All 35 – 39 Asbm, Fbc 45 – 28 Sepa, Bcest 40 – 56 Crjs.

***Rainilita***



*Basket U 14 2023.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**15/07/2023 hatramin'ny 22/07/2023**

**- ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
**- SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
**- ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
**- PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
**- RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
**- RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1455-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Vondrona Eoropeana sy ny fambolena

# Hanampy amin'ny fampitomboana ny fidiram-bolan'ny tantsaha

Hanampy amin'ny fampitomboana ny fidiram-bolan'ny tantsaha ny tantsaha ny Vondrona Eoropeana sy ny ministeran'ny fambolena eto amintsika, noho izay antony izay : hanamora ny fampiasam-bola amin'ny fambolena ny minisiteran'ny Fambolena sy ny fiompiana ary ny jono amin'ny alalan'ny fanomezana fanampiana ara-bola amin'ny alalan'ny famatsiam-bola ho an'ny tantsaha sy ny agribusiness ary ny orinasa fampiroboroboana ny fandraharahana, izay mahasoa ny tantsaha madinika. Raha liana amin'izany izy ireo dia afaka manaraka izany amin'ny rohy : https://rb.gy/ qs2tt.
Izy io dia hetsika nataon'ny Vondrona Eoropeana miara-miasa amin'ny Ministera, sy ireo fikambanana iraisam-pirenena hafa, ao anatin'ny sehatra mida- dasika kokoa amin'ny EDF faha-11 : "Programa hanohanana ny varotra maharitra ataon'ny tantsaha madinika eto amin'ny firenentsika" , hamahana, hanafaingana ary hampitombo ny fampiasam-bola amin'ny ny rojo sanda ara- pambolena : anisan'izany ny agroforestry sy ny fiompiana trondro.
Ny tanjona manokana amin'ny Tahirim-bola dia ny hampiditra tantsaha madinika miisa 150.000 ao anatin'ny rojo sanda maharitra. Amin'ny fanohanana sy fanomezan-dàlana ireo orinasa fambolena 25 ka hatramin'ny 30, hampitombo ny fidiram-bolany, farafahakeliny 25%, izany dia tokony hampitombo ny fidiram-bola sy ny fanjarian- tsakafo ho an'ny mpamboly madinika 150.000 farafahakeliny ary hamorona asa mitovy amin'ny 8.500 farafahakeliny. Hanampy amin'ny fampitomboana ny vokatra ho an'ny tantsaha madinika izany; 90% fanatsarana ny fidirana amin'ny tsena; ary hisy fiantraikany tsara azo refesina amin'ny fahasamihafan'ny sakafo sy ny fiarovana ara-tsakafo amin'ny ankapobeny izany. Ankoatr'izay, ny tetikasa dia mikendry ny hampiroborobo ny fidirana amin'ny famatsiam-bola (trosa, fampiasam-bola) ho an'ny fampiasam-bola mifameno ataon'ireo mpisehatra amin'ny rojo sanda. Afaka manao fangatahana ny tantsaha rehetra liana amin'ity tetikasa ity.

***Aly***

### Tranombarotra Baolai

# Masoivohon'ny Toshiba eto Madagasikara koa

Rehefa amin' ny vaninandro fialantsasatra toy izao dia ny hiaka faran'ny teknolojia no tena mahasarika ny daholobe. « Amin' izao fotoana izao izahay ato amin' ny Tranombarotra « Baolai » eto Soarano, Analakely ary ao Bazar - be Toamasina, no masoivoho ofisialy ny marika fanta- daza maneratany avy any Japon « Toshiba » izany. Ahitana manomboka 32" hatramin' ny 75". Ary vao nahatonga entana loha-laharana amin' ny kalitao hatrany izahay, izay mifanaraka amin' ny filana sy fahefam- mividin'ny tsirairay. Ao ny panneaux solaires mono sy polychristallins, izay ilaina tokoa amin' izao fahatapan-jiro lava reny amin' izao fotoana izao. Misy koa ny Laser Tv 120" (misy antoka 1 taona ), synthétiseur, congélateur (mitazona hatsiaka 135 ora aorinan' ny delestazy) , subwoofer, climatiseur, machine à laver transparent, table de mixage, …» hoy ny tompon' andraikitra. Mbola mitohy ilay fihenambidy goavambe amin' ny Smart Tv sy Télé Led ao amin' izy ireo, misy manomboka 32" hatramin' ny 85" ary ny laser tv 100 " (misy antoka 1 taona ). Ny antsipirian'izany, dia ho hita ao amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia ho fotoam - pialantsasatra miavaka tokoa amin' ity indray mitoraka ity miaraka amin' ny tranombarotra « Baolai ».

***Aly***




***Entana samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 438**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0437)

***Mitsivalana***
- Fanasana
- Anay - Na
- Nahandro
- Vary (miv)
- Ovay - Ota
- Kanto - RR
- Ala - Fia

***Mitsangana***
- Fantoka
- Ana - Val(o)
- Nahoana
- Aia ? - Ti (miv)
- Ny - Fo (miv)
- Andro
- Naratra
- Ravo (miv)

## TENY MIFANAPAKA **N° 438**




**Mitsivalana**

**1.** Manombana **2.** Fanafody (miv) - Hazo maro - Tsofoka fanitarana **3.** Boky misy dikan-teny **4.** Milaza fananana - Andriamatoa **5.** Bibilava - Biby misy elatra - Volafotsy, varahina **6.** Tezitra **7.** Faneva - Naoty **8.** Lakroa (miv) - Mpisolo tena **9.** Sarotra vidiana (miv) - Ambany toerana **10.** Raisinay - Zanatsoratra mitovy

**Mitsangana**

**A.** Goavana, be velarana **B.** Tsy tadidy - Ariary **D.** Fototry ny tazo - Aziatika **E.** Manavotra ireo banga **F.** Tampisaka - Reraka - Mampitovy ny tany sy rano **G.** Hazo goavana - Tady **H.** Vantony **I.** Mpanondro toerana - Kitapo nifonosana **J.** Naneho fitsaharana - Tamy **K.** Vizana - Mamba

## Valiny Teny mifanaraka 0437

**Mitsivalana**

**1.** Fandoavana **2.** Anie - Monja **3.** Latsabato **4.** Aato - Oly **5.** RM - AAA **6.** Arabo - IN **7.** TR - Andro (miv) **8.** Voaray (miv) - Ran(o) **9.** Sa - Maloka **10.** Ha - Tsia - AT

**Mitsangana**

**A** Falifaly **B.** Ana - Asa **D.** Nitaratra **E.** Desambra **F.** AT - OMS **G.** Amboa - Ovay **H.** Voa - Ry (miv) - La **I.** Antoandro **J.** Njola - Naka **K.** AA - Tananay (miv)

FANADINAM-PANJAKANA

# Misy tsy mazava ny fikirakirana ny fanadinana bacc ao Mahabo

Toa tsy bacc fa tsenan'ny bacc no misy any Mahabo faritra Menabe amin'ny fanadinam-panjakjana hifarana anio. Efa taona maro no misy mpianatra ivelan'ny Cisco Mahabo tonga manao fanadinana manao Centre ao Mahabo fa tamin'ity taona ity kosa dia nitombo be izany nohon' ny feo niparitaka tamin'ny fanadinana BACC tamin' ny herin-taona ary niteraka resabe teo anivon'ny fiaraha-monina sy ny tambazotra sosialy ny hoe fa nahoana ny mpiadina no mihazakazaka mamonjy ny foibem-panadinana any Mahabo ? Raha mpiadina avy any Morondava ihany taloha no mandranto fanadinana ao Mahabo dia efa tonga ao hatramin'ny avy any Antananarivo sy Antsirabe ary Belo sur Tsiribihina amin'izao. Raha ireo mpiadina avy ao Mahabo fotsiny dia tokony 300 ihany no mpiadina ao ankehitriny nefa dia tafakatra 971 ireo mpiadina voasorata anarana ary voatery nanampy efitrano mihintsy ny foibem-panadinana ao Mahabo, ka toerana roa no anantanterahana izany ao ankehitriny dia ny ao amin'ny sekoly katolika St Joseph sy NDS Mahabo. Nanomboka tamin'ny 6ora sy sasany ny famakiana ireo laza adina ny alatsinainy maraina izay notarihin' ireo lehiben'ny foibem-panadinana mirahalahy sy ny lehiben'ny faripiadidiam-pampianarana Mahabo ; ary ireo solon-tenan' ny mpianatra sy ny mpitandron'ny filaminana ; ny andro voalohany dia efa nisy ny nahatratrarana finday tao amin'ny foimbempanadinana St Joseph . Ny mahagaga sy mampalahelo dia toerana tsizarizary no ivantananireo mpianatra avy ivelan'i Mahabo tonga miatrika fanadinana ao, izay miparitaka amin'ireo sekolim-panjakana sy sekoly tsy miankina ao Mahabo. Eo dia efa lasa ny saina hoe izao ve ny sekoly tsy miankina izay nahazo taratasy fahazoan-dalana ara-dalàna nefa raha ny foto-drafitrasa dia tsy mendrika ny atao ho sekoly mihintsy



*Ireo mivantana amin'ny sekolim-panjakana*

raha ny fanadihadiana izay natao tamin'ny tompon'andraikitra iray eo anivon'ny fitaleavam-paritry ny fampianarana Menabe, izay nisafidy ny tsy hanononana ny anarany dia efa nisy ny fitsirihana natao ary efa nalefa ny tatitra ary nisy ireo tomponandraikitra tonga nidina ifotony teny an-toerana saingy tsy nisy tohiny sy tsy fantatra izay fanapahankevitra tamin'izany ho an'ireo mivantana amin' ny sekoly tsy miankina izay, fa ireo mivantana amin'ny sekolim'panjakana koa dia voalohany aloha dia tsy fantatra mazava hoe iza no nahazoan'izy ireo alalana nivantanany ao amin'ny sekoly sy ny fifanarahana mikasika an'izay, fa ny chef Cisco milaza tsy mahalala ny fampiasana ireo sekolim-panjakana ireo. Raha nanontaniana ny biraon'ny Feffi amin'ireo sekoly koa tsy mahalala, ny talen-tsekoly moa any amin'ny BACC ; fa ireo mpampianatra izay mitondra ireo zaza no nilaza fa efa nisy fifampiresahana eo amin'ny chef Ciscon'i Morondava sy ny chef CISCO an'i Mahabo tamin'ny fandaminana ireo sekoly ireo, satria ireto mpampianatra ireto dia efa namonjy ny chef Cisco an'i Morondava ary niantso ihany koa ny chef Cisco an'i Mahabo vao niala tany MORONDAVA . Fa maninona ireo mpianatra ireo no mihazakazaka manao Centre any Mahabo,n izay no fanotaniana manahirana ny maro ; voalohany dia tsotra : candidat libre no ankamaroan'izy ireo ary tsy nandalo ny kilasy famaranana ny ankabeazany, fa ireny mpanao cours mitokana ireny ka ireo mpampianatra mpampanao cours no mikarakara ny antotan-taratasy rehetra sy ny toerana hanaovany fanadinana eo koa ny toerana hivantanana rehefa hanao fanadinana misy amin'izy ireo no efa herinando mialoha no miorimponenana ao Mahabo ao koa ny sabotsy sy alahady, mialohan'ny fanadinana vao tonga eny, ka mivantana amin'ny toerana izay efa nomanin'ny mpampianatra cours azy ireo izay mitondra ireo mpiadina ao Mahabo. Raha ny fanadihadiana dia ny momban'ny sakafo, madoa vola 10.000 Ariary hatramin'ny 15.000 Ariary ary vary 10 hatramin'ny 19 kapoaka isaky ny mpianatra izy ireo, ny toerana kosa dia ireo mivantana amin'ireo sekoly tsy miankina dia tsy nisy na dia iray aza nilaza ny hofan'ny toerana fa dia samy nilaza fa fisaorana ihany no omena ; ireo amin'ny sekolim-panjakana ihany koa dia torak' izany ; ny ankamaroan' ireo mpianatra dia tsy matory raha tsy efa ireo mpitandro ny filaminana miaraka amin'ny mpiambina mandalo misafo azy ireo no miteny hoe mba matory amin'izay nareo. Ny maraina amin'ny 3ora sy sasany indray dia efa manaomboka mifoha ; ao ireo mahandro sakafo maraina ao kosa ireo izay manao famerenana ; maro ireo mpianatra izay nanaovana fanadihadiana saingy tsy nisy nilaza ny tena marina fa ny nahagaga dia ireo mpianatra ao Morondava rehefa hitan'ny tompon'andraiktra sy mpianatra namany miresaka amin'ny mpanao gazety dia avy hatrany dia nampangalan'ilay tompon' andraikitra izay nitondra azy ireo tsy avela miresaka amin'ny mpanao gazety ireo mpianatra. Ny fanadihadiana natao tamin'ny ray amandreny vitsivitsy izay manana mpianatra isan'ireo nandeha Mahabo no nahafantarana fa 200.000 Ar ny vola tapaka tamin'ny fivoriana izay niarahana tamin'ireo ray aman-dreny sy ny mpampianatra miandraikitra ireto ankizy, ka mipetraka ny fanontaniana hoe mankaiza iuzany ny vola ambiny ? Ny tenin'ny rehetra aloha hatreto dia misy zavatra tsy mazava ny fikirakirana ny fanadinana ao Mahabo, izay manomboka amin'ny fandraisana ny anaran'ireo mpiadina izany ary mitohy amin'ny fanadinana sy hatramin'ny hivoahan'ny valim-panandinana ; hita teny an-toerana ohatra ny alatsinainy maraina ireo ray amandreny vitsivitsy sy mpampianatra cours miandry sy mitady ny chef de centrea izay manontany ny fotoana mety hivoahany tao izay tsy nety nilaza ny antony hidadiavany azy, fa raha nanontaniana izy ireo dia nilaza fa mba tiany ho hita sy ho hay hoe iza no chef de centre ao . Isan'ny mahagaga ny maro koa ny hoe, fa mahazo mivantana amin'ny olona eo an-toerana ve ireny chef de centre ireny izay toa mampanahy na dia hoe fianakaviany aza ilay hovantaniny ; ary koa ny hoe tsy misy olona hafa ve ao Mahabo, fa dia tsy maintsy izy mirahalahy no ao satria dia mpirahalahy ny chef Cisco Mahabo sy ny Proviseur ao amin'ny Lycée ary ity farany no mpanampy ireo chef de centre . Koa miantso ireo tompon'andraikitra isan' ambaratongany eo amin' ny fikirakirana ny fanadinana bacc ny mponiana ao Mahabo sy ny vahoakan'i Menabe amin'izao zava-misy izao, satria dia lasa sorona sy malaza ratsy ny mpiadina ao Mahabo, noho ireo zavatra misy ireo ary maro koa ireo zaza izay efa tsy miasa saina fianarana intsony fa hoe rehefa tonga ny bacc dia any Mahabo tsy maintsy mahazo. Raha ny iainan'ireo ankizy aloha dia mahagaga ihany hoe izao ve no iainana nefa dia afaka ihany, ao nefa ireo mpianatra izay tany amin'ny cours fa tsy mianatra any an-tsekoly izay na ny taranja nianarany aza tsy ampy satria misy ireo taranja izay tsy nianarany mihintsy nandritra ny taona ary tsy hisy soratana izy amin'izany toy ny Anglais nefa dia milaza fa tsy maintsy ho afaka.

**Rajepa**



*Toy izao ny sekoly tsy miankina izay ivantanan'ireo mpianatra ao Mahabo*



*Ny fanokafana ny laza adina tao anaty délestage*

